# Ankitabe Andriba
## Nilamina ny fifidianana noho ireo zandary 4 tonga tany 2


# NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 29 novambra 2018 Laharana 844 Vidiny : 400 Ar

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Voka-pifidianana ofisialy** 2

## Tehamaina ho an'i Andry Rajoelina sy ny forongony

**Fiarahana amin-dRavalo** 2

# Houssen Abdallah sy Papa Soulé hiara-dia aminy



**Voka-pifidianana ofisialy** 2

# Ravalo 35,35% Rajoelina 39,23%



**FANALANA FAKO** 5

## Misy vokany ny tolo-tanana omen' ny CUA ny SAMVA



**Fondation Telma sy AXIAN** 7

## Nanolotra fanomezana ho an' ireo may trano tetsy Anosibe

**Trangam-pirahamonina** 6

## Roalahy matin'ny fitsaram-bahoaka

**Vakinankaratra** 5

## Miisa 13 no efa tratry ny valan'aretina kitrotro

**Daka kely**

Asio champagne ndray ilay vokatra omaly ry Boaikely a !

**Depiote Félix R.** 3

## Manentana ny mponina haka ny kara-pifidianana



FIFIDIANANA FIHODINANA FAHA-2

## Houssen Abdallah sy Papa Soulé Hiara-dia amin-dRavalo




Araka ny efa nambara tamin'ny laharana faran'ny gazetinao Ny Valosoa Vaovao, manao tsy omby aloha amin'izao fotoana, ireo mpanao politika, avy amin'ny fiarahamonimpirenena, na fikambanana, na olon-tsotra, vonona hiara-dia amin' ny kandidà Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana fihodinana faha-2, hatao ny 19 desambra ho avy izao. Tamin'ny fiandohan'ity herinandro ity, nanambara ny filohan'ny Zanak'Avaratra, Papa Soulé fa hanohana an'i Dada amin'io fifidianana ho avy io. Fantatra ihany koa izao fa efa nihaona tamin'ny filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara na TIM, ny silamo teraky ny distrikan'I Soalala sy avy amin'ny faritra Boeny iny, notarihan'ny ministra teo aloha, sady depioten' i Madagasikara, Houssen Abdallah, arak'izany hiara-dia amin'I Dada koa izy sy ny mpiara-dia aminy. Mbola nohamafisin'ny mpiara-dia aminy izany omaly tany Mahajnaga, nandritra ny fihaonana tamin'I Dada tao amin'ny Rouge, izay hipoka olona tanteraka avy amin'ny ankolafinkery samihafa, avy ami' n'ny faritra Boeny sy ny manodidina iny. Vonona hanolo-tanana ny kandidà marc Ravalomanana amin'ny hazakazaka ho eny lavoloha sy Ambohitsorohitra. Omaly sy afak'omaly, ny faritra Sofia sy Boeny indray no notsidihan'I Dada N°25, nifantohan' ny diany tany amin'ireo faritra ireo ny fankasitrahana ny mpifidy tamin'ny fifidianana fihodinana voalohany farany teo, fanentanana ihany koa ireo izay tsy nandray anjara tamin'iny fifidianana iny.

***Ny Valosoa***

Filohan'ny HCC

## Tsy azo ekena ny fandranitana adim-poko

Navoakan'ny HCC na ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana omaly, ny voka-pifidianana ofisialin'ny fifidianana filohampirenena fihodinana voalohany, natao teto amintsika ny alarobia 7 novambra lasa teo. Hiatrika ny fifidianana fihodinana faharoa arak'io vokatra ofisialy io ny kandidà laharana faha-13, Andry Rajoelina, sy ny kandidà laharana faha-25, Marc Ravalomanana. Ny kandidà Andry Rajoelina nahazo vato : 1 954 023, manome 39,23% ; ny kandidà Marc Ravalomanana nahazo vato : 1 760 837, mano-me 35,35%. Laharana faha-3 kosa ny kandidà Hery Rajaonarimampianina nahazo vato : 439 070, manome 8,82%. Arak'io voka-pifidianana ofisialy io, kandidà roa ihany no nahazo ampahambato nihoatra ny 10%, dia hiverina ny vola antoka naloany 50 tapitrisa Ar, ny kandidà 34 ambiny kosa dia tsy misy miverina ny antom-bola izay napetrak'izy ireo io, nahafahany niatrika ny fifidianana. Nambaran'ny filohan'ny HCC, Jean Eric Rakotoarisoa tao aorian'ny fanambarana ofisialy io voka-pifidianana io, raha nampita hafatra ho an'ireo kandidà hifaninana sy ho an'ny vahoaka Malagasy izy, fa mpifaninana ireo kandidà roa tafakatra hiatrika ny dingana faharoa dia i Andry Rajoelina sy ny Filoha Marc Ravalomanana, fa tsy mpifahavalo. Ho filohan'ny Malagasy rehetra amin' ny volana janoary 2019, izay ho voafidy eo hoy izy. Io fifidianana ho tanterahana ny 19 desambra ho avy izao io dia famerenana ny hasin'ny Malagasy nanoloana ny nataon'ny mpanjanatany. Ankoatra izany, tsy azo ekena ny fandranitana adim-poko hoy ity filohan'ny andrimpanjakana etsy Ambohidahy ity ary ny mpifidy no tompon'ny teny farany hoy izy.

***Isambilo***

Politika sy toekarena

## Ny fanorenana orinasa mampiasa mpiasa maro no vahaolana fiarenana

Politika ratsy maloto no natao teto amin' ity firenena ity ny fandrobana sy fandorana ary fanapotehana orinasa niseho tamin'ny taona 2009. Hadisoana bevava teto amin'ny firenena no nataon'izay nitarika satria tsy ny hita teo no eo nanafoana ny asa fiveloman'olona maro ka nahatonga ireo tsy an'asa ihany no vokatr'izany, fa hatraty aoriana mandraka ankehi- triny dia mibaby ny vokany avokoa. Hatramin' iny taona nampanjombona ny sehatry ny orinasa teto Madagasikara iny dia tsy nisy hita soritra mazava izay nataon'ireo fitondrana nifa- ndimby na tetezamita na fitondrana Hvm tamin'ny famoronana asa sy fanorenana orinasa. Nahatratra hatrany amin'ny 5 hetsy mahery no very asa tamin'iny taona nisiana hetraketraka tamin'ireo orinasa iny. Tsy voavaha akorin'ireo mpa- ndrombaka fahefana ta-minkery notarihin'i An-dry Rajoelina izany, dia indreo koa ireo tanora vita fianarana niditra teo amin'ny tsenan'asa an' alina maro isan-taona. Voafetra ihany anefa ny finiavan'ireo izay te hamorona asa ho an'ny tenany, ary ireo tsy nihevitra afa-tsy ny hikaroka asa dia sahirana fatratra. Tsy atao ho mahagaga raha tsy nihetsika ary vao mainka nitombo isa aza ireo nanokatra fivarotra-madinika sy mpivarotra amoron-dalana. Tsy mahomby ny politikan'ireo fitondrana roa nifandimby taorian'ny andron'ny fanapotehana ireo matoa miseho izany toe-javatra izany eo amin'ny seha-pihariana eto amin'ny firenena. Ny politika'izy ireo koa dia niaraha-nahita tsara fa tena naloto mihitsy. Ohatra, niharihary ny fanapotehana ny orinasan-dRavolamanana Marc ireny sy ny fanaovana izay hanapotehana azy tanteraka nandritra ny taona maro. Haratsiana toetsaina tsy mendrika hitondra firenena izany. Ary vao mainka naharihary izay toetra tsy fahaizana mitondra firenena izay ny amin'ny fitakiana hetra aminy vao mahazo misokatra ny orinasany. Ny orinasa aza tsy miasa ka inona no handoavana hetra eo? Tsy fanao velively amin'ireo orinasa any amin'ny tany an-dalampandrosoana aziatika kanefa efa tena misandratra tanteraka ankehitriny izany.

Iaraha-mahalala, fa ny hamaroan'ny isan'ireny mpivarotra amoron-dalana ireny no tondro ilazana fa miha mahantra ilay firenena. Mora ny nandrava, fa sarotra ny manarina. Ilana olona manana traikefa efa mpanangana izany. Ny tena anisany vahaolana mahomby iray dia ny fanorenana orinasa vaovao maro afaka hampiasa mpiasa marobe. Ilaina ihany koa ny fanatsarana, fanohanana sy fiarovana ireo orinasa efa mijoro eto amin'ny firenena mba hiarenan'ny toekarena. Mihodinkodina fotsiny foana eto isika raha toa ka mbola tsy vita izay.

***Radafy***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Voka-pifidianana ofisialy, tehamaina ho an'i Andry Rajoelina sy ny forongony

Ny marina marina ihany. Nivoaka iny ny voka-pifidianana ofisialy avy amin'ny Fitsarana avo momba ny lalam-panorenana na ny HCC. Didy tsy azo ivalozana izy io ary raha tena tia Tanindrazana marina dia tokony hanaiky io vokatra io na iza izy na iza. Vita hatreo ny resaka 1er Tour dia vita . Lainga avokoa ny nambara hatramin'izay sady nanehoana kisary milaza fa azo ny fandresena. Raha tsiahivina dia 39,23 % ny vato azon-dRajoelina ary 35,35% ny vato azon' ny kandida Marc Ravalomanana. Mazava izany izao ny tena mpampiesona vahoaka ary asa raha mbola sahy hamahan-dalitra vahoaka ihany. Betsaka ihany koa ireo torakovitra ary efa tsinjo sahady ireo hitsoaka anatin'ny sambo rendrika satria tsy tratra ilay tanjona notratrarina. Maro amin'izy ireo no hitady lalana hivoahana sao tratra farany eo indray. Samy nigoka ny vola natao fafikatrana ny ankamaroany fa ny vahoaka kosa tsy tafifditra tao anatin'ny vela-pandriky ny volabe na sanatria voavidy araka ny fitenenana. Anatra ho an'ny mpanao politika iny voka-pifidianana fihodinana voalohany iny sady tehamaina ho an'ny mpanongam-panjakana Andry Rajoelina sy ny forongony ihany koa. Amin'ny faha 19 ny volana Desambra indray no mifankahita raha mbola sahy. Tsy azo tsinontsinoavina koa ireo kandida nanana isam-bato ambany ireo ary inoana fa manana ny lanjany sy ny heviny avokoa izy rehetra ireo, ka handray ny tandrify azy tsirairay avy. Ny azo antoka aloha hatreto dia nibaribary toy ny vay an-kandrina iny voka-pifidianana ofisialy iny ary ny vahoaka tokoa no tompon'ny teny farany fa tsy araka ny iheveran'ny sasany azy.

***Rajaonarimpanontsana***

Ankitabe Andriba

## Nilamina ny fifidianana noho ireo zandary 4 tonga tany

Toerana anisan'ny faritra mena any amin'ny faritra Betsiboka iny ny fokontanin'Ankitabe any amin' ny Kaominina Andriba, distrikan'i Maevatanana. Nandritra ny androm-pifidianana ny 7 novambra lasa teo iny, nisy zandary 4 tonga tany an-toerana nanampy ny fampandriana ny fahalemana tany antoerana. Nambaran'ny ben'ny tanànan'Andriba, Ramatoa Raveloarivony Laurence Lalao fa nilamina ary nizotra antsakany sy andavany ny fifidianana nisy tany amin'ity fokontany ity noho ny fisi-an'ireo zandary ireo, tsy niditra tany amin'ny bi-rao fandatsaham-bato izy ireo, fa niantoka ny filaminana tao an-tanàna sao sanatria nisy dahalo tonga tampoka nanafika hoy izy. Nandritra ny fanisam-bato dia nilamina tsara ihany koa izany tany an-toerana fa tsy araka ny voalaza hoe nanao ramatahora ireo zandary ireo, tsy niditra velively tao amin'ny bi-rao fandatsaham-bato ireo zandary ireo hoy ihany Ramatoa ben'ny tanàna nanamafy raha tafaresaka tamin'ny gazety. Tanàna mitokamonina ity Ankitabe Andriba ity, 46 km miala ny renivohitra ny kaominina no misy azy, dia an-tongotra sy mandeha lakana vao tonga any, na izany aza, nilamina tanteraka ny fifidianana sy ny fanisam-bato tany an-toerana hoy ny ben'ny tanàna.

***Ny Valosoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fihodinana faharoa : tsy handatsa-bato ho an'ny kandidà efa nanapotika ny fiainany sy namarina an-kady ny fireneny ny Malagasy

Namoaka ny voka-pifidianana ofisialy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana omaly 28 Novambra 2018. Na dia teo aza ireo fihetsiketsehana fanoherana ny vokatra vonjimaika navoakan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana sy ny fitakiana ny fanafoanana ny fifidianana mihitsy ary ny fitoriana amanjatony dia tanteraka ihany ny lanonana fanambarana ny vokatra. Ny filohan'ny Antenimieram-pirenena aza dia efa nandray ny toerany sahady. Tsy nifankaiza loatra tamin'ny vokatra navoakan'ny CENI loatra ny vokatra ofisialy. 3,88% ny elanelam-bato teo amin-dRajoelina Andry Nirina kandidà laharana faha-13 sy ny an'ny kandidà laharana faha-25 Ravalomanana Marc. Hifanatrika amin'ny fihodinana faharoa izany ny mpanongana sy ny nahongana tamin'ny 17 Martsa 2009. Tsy ny vahoaka Malagasy no nitsara tamin'izany fa ny basy aman-tafondro norongoin'ny miaramila mpihodina izay nampihorohoro sy nampahafantatra ny anarany manerana an'ity Nosy ity ary tsy nisy intsony ny fanajàna ny ambaratongam-pifehezana fa na tsy manam-boninahitra aza dia nibaiko jeneraly. Nangalarina ny fitaovam-piadiana tany amin'ny Lapam-panjakana ka tsy mahagaga raha manana basy mahery avokoa na ny dahalo na ny jiolahy na ny mpaka an-keriny na ny mpanakana any amin'ny lalam-prenena, kanefa ny foloalindahy ihany no manan-jo hitazona azy ireny. Ny gaboraraka nandritra ny tetezamita no niteraka izany ka niaina tao anatin'ny fitaintainana andro aman'alina ny vahoaka Malagasy manerana ny Nosy. Manginy fotsiny ny fahantrana sy ny tsy fanjarian-tsakafo noho ny fahaverezan'asa sy ny fitotongan'ny sandam-bola ariary. Teo koa ny tsy fahafahan'ny vahoaka nitsabo tena noho ny halafosan'ny fitsaboana sy ny fanafody ary ny kolikoly any amin'ny hopitaly sy ny CSB ary ny fandaozan'ny ankamaroan'ny ankizy Malagasy ny sekoly noho ny tsy fananan'ray aman-dreny vola andoavana ny sara-pisoratana anarana sy hividianana ny fitaovam-pianarana. Marary eo amin'ny lafiny rehetra ny Firenena ary fadiranovana ny sivy folo isan-jato maherin'ny Malagasy nandritra ny sivy taona ka adidin'ny olompirenena manan-jo no mandray andraikitra ka hitodika ny lasa ary hisafidy ny kandidà efa hitam-poko hitam-pirenena fa nampiakatra avo dia avo ny hasin'ny Tanindrazana sy nampivoatra ny fari-piainan'ny Malagasy nandritra ny fito taona (2002-2009) naha filoham-pirenena azy. Etsy an-kilany kosa, na tiana na tsy tiana dia nisy ny fanongam-panjakana teto ny taona 2009 kanefa ny kandidà tompo-marika voalohany tamin'izany dia tsy mety mihaiky izany heloka bevava nataony teo anatrehan'ny Firenena izany ka tsy ny fampanantenany volana aman-kitana no hirobohana ao anaty haizi-mikitroka indray. Ampy izay ny fimenomenonana sy ny fitarainana fa andron'ny fandraisana an-tànana ny ho avin'ny Firenena sy fandrafetana ny fiainan'ny taranaka hifandimby izao koa asakasak'izay mbola manaiky ho omby ho karavasiana hitarika ny saretin'ny mpanao taingim-bozona ihany.

***Andry Tsiavalona***

Depiote Félix Randriamandimbisoa

# Manentana ny mponina haka ny kara-pifidianana

Nivoaka omaly 28 novambra ny valim-pifidianana ofisialy navoakan'ny fitsaràna avo momba ny lalàmpanorenana HCC, fa misy ny fihodinana faha 2 hifanandrianan'ny filoha Marc Ravalomanana N°25 sy Andry Rajoelina mpanongam-panjakàna. Vokatr'izany , tsy niandry ela ny avy ao amin'ny boriborintany faha 4, notarihin'i Depiote Felix Randriamandimbisoa fa nitsidika ny fokontany maromaro izy ireo , Tao anatin'izany no nahitàna fa marobe ireo kara-pifidianana tsy nisy naka ny tompony, nefa ny olona tsy nahazo karatra ihany koa dia maro tsy afaka nifidy na dia te hanefa ny adidiny ho an'ny tanindrazana aza . Nahita izany indrindra no nanesika ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana notarihin'ny depiote Felix Randriamandimbisoa voafidy tao amin'ny boriborintany faha 4 hanentana ny mponina ao amin'ity boriborintany iadidiany ity mba haka ny kara-pifidianany eny amin'ny fokontany fa zo sy adidy ny mifidy. Ankoatra izay, nanambara izy fa vonona handray ireo hanatevin-daharana hiaradia amin'ny kandida N°25 ny mpomba ny kandida Marc Ravalomanana ao amin' ny boriborintany faha 4 sy manerana an'i Madagasikara mihintsy ity olom-boafidy ity satria mila mametraka mpitondra olo-marina sy matahotra an'Andriamanitra ny firenena ankehitriny, fa tsy olona mpandrodana sy mpandrava ary mpanao valifaty.

***Helisoa***



Pr Harimalala Joseph

# Nisoroka ny korontana ny HCC

Voaporofo fa tsy nivaona firy tamin'ny vokatra navoakan'ny CENI ihany ny valim-pifidianana navoakan'ny HCC, na dia nisy aza ny vonovorona amin' ny fampiasana fitaovana sy rindran-kajy nambara fa vaovao nampiasaina. Fantatra fa teo ambany fanaraha-mason'ny vondrona iraisam-pirenena tanteraka ny fanisambato sy fanamarinana izany tany anivon'ny HCC tany, saingy isaorana hoy i Pr Harimalala Joseph fa nisafidy ny lamina sy ny fitandroana ny korontana mety hataon'ny sasany ny HCC ka dia isaorana azy ny vokatra navoakany, izay efa nampoizin'ny maro fa tsy maintsy ho iny ihany no ho hivoaka eo. Fa ny toetsain'ny tia sehoseho sy ny bohaka kosa dia mampalahelo hoy ity mpandinika ity satria rehefa tsy nahomby fa tsy ma-intsy hiroso amin'ny fihodinana faharoa dia tsy manankatao afa tsy fanaratsiana ny mpifaninana aminy sisa ny ata- on'ny andaniny mifaninana amin'ny laharana faha 25. Fankahala sy fanenjehanan' olona no atao, izay tsy mifanaraka akory amin'ny tenin'Andriamanitra izay voiziny akory, satria ankoatra ny mahazo ny filoha Ravalomanana dia ireo resy lahatra ka nanohana azy indray no haratsiana dia Atoa Mbola Rajaonah izany, izay naman' izy ireo ihany nandritra ny fotoanan'ny tetezamita. Heveriko hoy I Pr Harimalala Joseph fa nahatsapa ny hadisoany nan- dritra ny fotoanan'ny tetezamita I Mbola rajaonah dia nisafidy ny ha- narina ny firenena hiaraka amin'ny filoha Ravalomanana ka dia tsy zakan'ny sain'izy ireo izany, fa sao mandroso I Madagasikara ve? Azaadino hoy ity mpandinika ity fa rehefa mitoky amin' Andriamanitra nyolona iray dia andefasan'Andriamanitra olom-boafidiny, hanampy azy, ara- ka ny voasoratra ao amin'ny Isaia 43: 3-5 manao hoe: "Fa izaho Jehovah no Andriamanitra, di any iray masin'ny Isaraely, Mpamonjy anao ; omeko ho avotrao Egypte, ary Etiopia sy Seba ho solonao. Satria malala eo imasoko hianao, eny be ny vonianhitrao sady tiako, dia olona no omeko ho solonao, ary firenena ho solon'ny ainao. Aza matahotra fa momba nao Aho ary avy any andrefana no hanangonako anao". Ankoatra ireo moa dia mahita faisana amin' ny fanenjehan'ny mpomba an-dRajoelina ihany koa ny mpi- ray tanindrazana, noho izy ireo izay efa zatra nandroba ny taona 2009 mandraka ankehitriny ary mbola hitetika ny hanohy izany ihany koa. Koa eo anatrehan'izany no hilazako amin'Atoa Naivo Raholidina sy An-dry Rajoelina, hoy ity mpandinika ity , raha toa ka tena mahalala an'Andriamanitra tokoa izy ireo dia aoka tsy ho tarihina ho any amin' ny lalan-dratsy sy lalandiso ny ondrin'Andriamanitra. Misy mantsy ny tranga mamohehatra nataon'izy ireo tao amin'ny fiangonana iray izay natao tsinotsinona sy notevatevaina sy nolazaina fa hotorahana voanjobory, ka ilazako amin'izy ireo mba hiverina amin' ilay fitiavana voalohany arak any voasoatra ao amin'ny Apok 3: 4-5 manao hoe: "Kanefa mana-teny aminao Aho, satria efa niala tamin'ny fitiavanao voalohany hianao. Koa tsarovy izay nitoeranao fony tsy mbola lavo, dia mibebaha, ka manaova ny asa voalohany far aha tsy izany dia ho avy aminao aho ka hamindra ny fanovan-jironao hiala amin'ny fitoerany, raha tsy mi- bebaka hianao". Araka izany tenin'Andriamanitra izany dia tokony handinika tsara isika rehetra amin'izay rehetra hataontsika satria mahatezitra an'Andriamanitra ny haratsiana. Fa hiverenana ny fanaratsianan' ny kandida Marc Ravalomanana, izay iharan'ny atsojay isan-karazany sy ny fanaratsiana ataonareo mpifaninana aminy. Aza adino fa olom-boafidin'Andriamanitra izy ary izay no hilazako hoy ity mpandinika ity fa tsy ilay fitiavana dradradradrainareo no voizinareo fa fitaka sy lainga avokoa ka izany no hitoeran'ny fankahalana eo aminareo io. Satria raha tena fitiavana tokoa no vohizinareo dia tsy hanaratsy olona sy hanompa izany hianareo. Satria hoy mantsy ny ao amin' ny bokin'I Zakaria 1: 15-16 manao hoe: "Ary tezitra indrindra amin'ireo firenena miadana: satria Izaho dia tezitra kely ihany fa ireo kosa dia nampitombo ny fahoriana, koa izao no lazain'I Jehovah: Efa tafaverina eto jerosalema amin'ny indrafo afo, ny tranoko haorina eto hoy Jehovah, tompon'ny maro". Fehiny araka izany dia mino sy matoky isika hy ity mpandinika ity fa ny K-25 Marc Ravalomanana no ho sitrak'Andriamanitra hitantana indray an'i Madagasikara, ary tsy hitantana ihany fa hitaona ny olona ho amin' I Jesosy Kristy izy hahatanteraka ilay tenin'Andriamanitra Jeremia 3: 14-15 : " Miverena ry zaza mpiodina, hoy I Jehovah, fa Izaho ihany no vadinareo; ary hangalako iray isan-tanana hianareo sy roa isam-pokontany dia ho entiko ho any Ziona hianareo, dia homeko mpitondra arak any sitrapoko hianareo, izay hitondra anareo amin'ny fahalalana sy ny fahendrena".

***Lezama***

## TONONKALO

### NY VOKA-PIFIDIANANA

Moa hitondra fitoniana ve ny voka-pifidianana,
Sa vao mainka hampitombo ny efitry ny fisarahana ?
Moa ho tena sarobidy izany atao hoe fihavanana,
Sa dia hevitra bontolo hatrany hatrany no hibahana ?

Ilay nihiaka mialoha fa hoe nibata fandresena,
Moa hanaiky ny hangina sy hiverina hitony ?
Ny olona toy ireny mantsy , toa tsy ampy fahendrena
F'efa zatra ny mitanjaka ka tsy mahagaga intsony !

Ny fitiavana , hono, ny azy , izay no lehibe indrindra,
Dia fitiavam-boninahitra sy fitiavana harena.
Ka tsy hainy ny mandamina , ary tsy hainy ny mamindra
Raha tsy arahim-pidedahana sy laroim-pitiavantena.

... Raha izany no jerena dia mandindona ny rotaka,
Ka ny dingana manaraka , zary mampisalasala.
Fa ny foza , fa ny foza, zatra ny mihosim-potaka
Ka tsy tiany irony rano , soa madio mangalahala .

***SEDERA RAVALISON (28-11-18)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Ny fanalana ny fako teny Ambohipo, omaly










## Sakafo Ny Valosoa



Laoka tsotra mety tsara ho an'ireo mifady hena sy voatabia no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany dia **anandrano sy atody.** Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fomba fampaniriana volo amin'ny loha sola

Resaka loha sola eto no torohevitra amin'ny Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Torohevitra hampaniriana volon-doha amin'ny loha sola ny manaraka izao.

Zavatra ilaina :

-labiera tapaky ny vera,

-Akondro tapany, izany hoe iray zaraina roa.

-Tamenak'atody akoho gasy iray.

-tantely pur 2 sotrokely (tsy mitapoka). Afangaro tsara ireo ho lasa toy ny paty izany hoe madity.

-Ahosotra ilay faritry ny loha sola ary avela hilona adin'ny roa. Mety hamaivay na hafana ilay izy. Midika izany fa miasa ilay fangaro ary tsy misy tokony hampanahy.

Rehefa tapitra ny adin'ny roa dia kobanina amin'ny rano mangatsiaka tsotra tsy misy savony.

-Atao indray mandeha isan-kerinandro io fangaro io ary raha tsy mahita vokatra anaty 1 volana dia hajanona.



## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Tsaratanàna any amin'ny faritra Betsiboka

Ny tanànan'i Tsaratanàna any amin'ny faritra Betsiboka indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina ambonivohitra ny tanànan'i Tsaratanàna, any amin'ny faritra avaratra atsinanan'ny faritra Betsiboka no misy azy. Mampalaza azy ny fisian'ny volamena, izay harena ankibon'ny tany misy amin'iny faritra iny. Faritra mpamokatra vary be koa Tsaratanàna. Somary avo toerana ihany izy, 350 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina.



## NY TENY FIAINANA

*Fa Fanahy iray ihany no nanaovam-batisa antsika rehetra ho tena iray, na Jiosy na jentilisa, na andevo na tsy andevo; ary isika rehetra dia efa nampisotroina ny Fanahy iray.*

***I Korintiana 12:13***

PROGRAMAM-PIRAHAMONINA

# Asa hatao avy hatrany ny ao amin'ny MAP 2

## Fantaro ny votoatin'ny MAP2

Toy izao ny votoatin'ny MAP II na ny Madagasikara Am-Perinasa II: ny Madagasikara Am-Perinasa Faharoa dia mamaritra ireo asa atao avy hatrany mba hanatsarana ny fiainan'ny vahoaka Malagasy. Ireo asa mivaingana ireo dia miantoka ny famitana ny fanomezan-toky, izay nataon'ny Filoha Marc Ravalomanana ao amin'ny Manifesto. Noho izany ny MAP II dia asa atao avy hatrany fa tsy vinavina izay mbola ho dinihana ny fanatanterahana azy.

- Programa feno ary mirindra ny MAP II. Ireo fanomezan-toky folo ao amin'ny Manifesto sy ny MAP II dia mandrakotra feno izay rehetra ilain' ny fiainan'ny vahoaka Malagasy ary ireo fepetra fototra ilaina mba hampandrosoana an'i Madagasikara eo amin'ny lafiny rehetra toy ny sosialy, ny toekarena, ny kolontsaina, sns... Ny MAP II dia mijery sy manome tombony ho an'ny Malagasy rehetra tsy ankanavaka na ny manana ny ampy na ny sahirana. Ny MAP II ihany koa dia mikatsaka ny tombontsoa ho an'ny faritra sy toerana rehetra na antanàn-dehibe na ambanivohitra.

- Ny fanomezan-toky tsirairay ao amin'ny Manifesto sy ny MAP II dia mamaritra asa mazava mba ho fanantanterahana avy hatrany ny fanamby izay noraisina. Ohatra amin'izany ny fametrahana ny fandaharan'asam-pirenena miady amin'ny tsy fahampiana ara-tsakafo eny an-tanàn-dehibe sy ambanivohitra, ny fampitomboana sy famatsiana ny tobim-pahasalamana fototra na Centres de Santé de Base, ny famerenana indray ny fandaharan'asa: "Ny fanabeazana ho an'ny daholobe", ka hanatsarana ny fari-pahaizan'ny zanaky ny Malagasy tsy ankanavaka na manana ny ampy na sahirana, ny fampidirana ny teknolojia vaovao amin'ny fandaharam-pianarana, ny fanamorana ny fahazoan' ny tantsaha masomboly, zezika ary fitaovana ilainy amin'ny fambolena sy fiompiana, ny fampidirana sy fampiasana ny teknolojia vaovao'ny fifandraisana eny antanàn-dehibe sy ambanivohitra, ny famerenana ireo tetik'asa lehibe amin' ny fotodrafitrasa, ary ny fametrahana ny fanaparitahana ny hafahafana tena izy eo amin'ny hoentimanana sy ny fandraisana fanapahan-kevitra.

- Ny Manifesto sy ny MAP II dia azo tanterahina tsara sy azo itokiana. Ny asa voafaritra ao amin'ny MAP II dia voalanjalanja tsara eo amin'ny hoenti-manana ara-bola, ao anatin'izany ireo entimanana azo avy amin'ny fampidiram-bola anatiny, ny avy amin'ny mpiara-miombon'antoka iraisam-pirenena, ary ireo fiaraha-miasa eo amin' ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina. Ny Manifesto sy ny MAP II dia tsy kabary ambony vavahady na fampanantenana tsy azo tanterahina. Ny Manifesto sy MAP II dia taratry ny foto-kevitra lehibe ijoroan'ny Filoha Marc Ravalomanana dia ny fametrahana fanjakana tompon'andraikitra manoloana ny vahoaka amin'ny fanatanterahana ny fanomezan-toky.

Fanalana fako

# Misy vokany ny tolo-tanana omen'ny CUA ny SAMVA



Mihetsika ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), taorian'ny toromarika nomen' ny ben' ny tanàna Lalao Ravalomanana, sy ny mpanolotsaina manokan'ny ben' ny tanàna Marc Ravalomanana, ny fiandohan' ity herinandro ity, ny amin'ny fanadiovana ny tanàna sy fanalàna ny fako eto amin'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra, tamin'ireo mpiasan'ny CUA. Misy vokany ankehitriny izany tolo-tanana omen'ny CUA ny SAMVA (Service Autonome de Maintenance de la Ville d'Antananarivo) izany amin'ny fanalana ireo fako nivangon- go tamin'ny bakan-jaoridira teto andrenivohitra. Kamiao maromaro no anampian'ny CUA ny SAMVA ho fanalana ireo fako, misy ihany koa tra-ctopelle, andro sy alina no anatanterahana ny asa.

Nisy ihany koa araka iza-ny ny asa tanamaro (HIMO) araka ny toromariky ny mpanolotsaina manokana Marc Ravalomanana ihany, teny ami-n'ny boriborintany faha 2 androany 28 novambra tao Ambohipo nametrahana ireo fako misavovona tao anaty bakan- jaoridira, izay miandry ny fiaraben'ny SAMVA haka azy. Niara-nisalahy nanatanteraka ny asa teny an-toerana ny mpanolotsaina ny tanànan' Antananarivo sy ny ekipa mpanadio ao amin'ny boriborintany faha 2 ary ireo mpomba an'Andriamatoa Marc Ravalomanana teny an-toerana. Ho hentitra ny tanànan'Antananarivo ho an'ireo minia manary fako amin'ny fotoana tsy tokony hanariana azy, ka hisy ny sazy miandry azy ireo. Ny fanariana fako dia manomboka amin'ny 5 ora hariva ka hatramin'ny 8 ora alina ihany. Marihana fa manampy ny SAMVA aloha ny CUA ankehitriny, fa ny faktioran'ny vola lany rehetra amin'izao asa fanampiana ataon'ny kaominina izao dia oneran'ny ministeran'ny rano sy ny SAMVA ihany avy eo rehefa mivoaka ny volan'izy ireo avy amin'ny fanjakana foibe.

***Isambilo***

CUA

# Nanolo ireo "buse" simba ho fisorohana ny tondra-drano



*Ny fanoloana ireo buse na fantsona fitarihan-drano ataon'ny CUA.*

Nosoloina tanteraka ireo « buse » tao Ambodin' Isotry (aigle noir) izay mamarina ny rano maloto ao amin'ny « canal C3 » na ny « canal" Andriambeloma nanomboka ny talata teo. Noho ny fahanteran'ity fotodrafitr'asa ity dia simba sy tsy afaka manao ny asany intsony ny "buse", ka izay no nahatongan'ireo Fokontany maro toa an' Ambodin'Isotry, Antetezana Afovoany II , dibodrano rehefa tonga ny fotoam-pahavaratra. Haharitra 3 andro ny faharetan'ny asa ary ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny SAMVA no niaraka nisalahy tamin'izany. Araka ny nambaran'ny tompon' andraikitra avy eo anivon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra dia efa naharitra an-taonany maro no tsy afaka nanao ny asany intsony ireto "buse" ireto ka izay no mahatonga ny fiakaran' ny rano matetika rehefa tonga ny rotsak'orana. Azo heverina araka izany ny tsy fisian'ny rano miakatra intsony eny amin'ny Fokontany Ambodin'Isotry (tsena, cité) sy Antetezana Afovoany II sy ny manodidina rehefa vita ny fametrahana ity "buse" vaovao ity. Mponina maro no hahazo tombony amin'izany. Manentana ny mponin'Antananarivo araka izany ny Kaominina mba hanaja tsara ny fotodrafitr'asa sy tsy hanariny ny fakony any anaty lakan-drano mba tsy hiverimberenan'ny tondradrano eto an-dRenivohitra. Ankoatra ny eny amin'ny Fokontany Ambodin'Isotry sy Antetezana Afovoany II dia efa miezaka ny manolo tsikelikely ireo "buse" izay efa simba ny Kaominina.

***Aly***

Vakinankaratra

# Miisa 13 no efa tratry ny valan'aretina kitrotro

Ankoatry ny Pesta izay manantonona amin'izao fotoampahavaratra izao dia isan'ny mihaodihaody ihany koa ity valan'aretina kitrotro ity amin' izao fotoana. Ho an'ny eto Vakinankaratra dia fantatra fa feno ny fepetra ahafahana milaza fa mihanaka eto Vakinakaratra ny kitrotro. Fantatra mantsy fa efa olona niisa 13 no efa voamarina fa tratran'ity aretina ity amin'izao fotoana izao, raha ny tatitra avy amin' ny sampandraharaham-paritry ny fahasalamana ny alatsinainy lasa teo iny. Fantatra tsara ny toerana sy ny fotoana nidiran'ity aretina kitrotro ity teto Vakinankaratra raha ny fanazavana hatrany satria nambara fa tao amin'ny distrikan' Antanifotsy no nisian'izany aretina izany volohany, ary dia nihanaka avy eo. Amin'izao fotoana izao, dia ny distrikan'i Faratsiho sy Mandoto ihany sisa no tsy ahitana io aretina kitrotro io fa ny distrika 5 hafa dia efa ahitana tranga avokoa. Ho an'ny eto Antsirabe voalohany, dia olona 1 no voa, tranga miisa 2 avy kosa no hita tany amin'ny distrikan'Ambatolampy sy Antsirabe faharoa. Ho an'ny distrikan'i Faratsiho, dia tranga miisa 6 be izao no efa voamarina tany. Raha fantatra amin'ny naha aretin-jaza azy ity kitrotro ity hatramin'izay, dia nanambara mazava kosa ireo tompon'andraikitry ny fahasalamana, io omaly io ihany, fa ireo tranga miisa 13 eto Vakinakaratra ireo, dia olon-dehibe mihoatra ny 14 taona ny ankabeazany. Notsipihin'i Dr Rabenirina Pierre, talem-paritry ny fahasalamana eto Vakinankaratra, fa mafy kokoa ny fitrangan'ny aretina ho an'ny olon-dehibe noho izy ireo efa ela no nanao izany vaksiny miady amin'ny kitrotro izany. Na eo aza anefa izany, dia nanambara ny fianakaviamben'ny fahasalamana, fa tsy tokony hampisavoritaka ny sain'ny olona akory ny maha faritra mena an'i Vakinankaratra amin'ity valan'aretina ity, satria azo hambara ho efa voafehy ihany izy io, ary tsy mbola nisy rahateo ny olona namoy ny ainy aloha hatramin'izao nanoratana izao.

***Solohery***

Soavina-Betafo

# May sy lasa lavenona tanteraka ilay jiolahy niharan'ny fitsaram-bahoaka

Leomboan'anana ny maro nohon'ny afitsok'ireo jiolahy tsy mampandry andro aman'alina azy ireo, ka izay tratran'ireo fokonolona, dia tsy afa-maina. Ny herinandro teo dia jiolahy iray no tratran'ny fitsaram-bahoaka, ary nodoran'izyireo, tao an-drenivohitry ny kaominina Soavina, distrikan'i Betafo. Raha ny fanazavana nomen'i Andriamatoa Parson Razafindraibe, ben'ny tanànan'i Soavina Betafo, dia tokony ho tamin'ny 11 ora alina tany ho any no tonga saika hanafika ny tokantrano iray tao an-toerana ny jiolahy efadahy. Nisy tohatra sendra tafajanona teo an-tokontany ka iny no nampiasain'ireo jiolahy nianihana ny lavarangana. Efa ren'ny tao an-trano anefa izany, ka nivonona soa amantsara izy ireo. Navelany ho tafakatra ny tohatra sy ny lavarangana tsara ireo jiolahy, ka avy hatrany dia notsenain'ireo tompon-trano tamin'ny vely kibay. Ny iray efa nanakaiky ny ho tafakatra io voavely io, ary avy hatrany dia nidaboka tsy nahatsiaro tena. Tafaporitsaka kosa anefa ny 3 lahy namany. Niantso vonjy avy hatrany ireo fianakaviana saika voatafika, ka vetivety dia vory ny fokonolona. Io alina io ihany dia efa raikitra ny fitsaram-bahoaka. Rehefa hitan 'ireo fokonolona fa tsy nihetsika intsony ilay tovolahy tratra, dia nodoran'ny fokonolona ihany koa. May sy lasa lavenona ara-bakiteny mihitsy ilay jiolahy ary tsy nisy tafajanona ny vatany manontolo. Efa eo am-pikarohana ny namany ny mpitandro filaminana, fa io tovolahy nodoran'ny fokonolona io, dia avy any amin'ny kaominina Antsoso. Kaominina izay tanàna maromaro ary tena efa nampiaiky ny maro fa fieren'ny olon-dratsy. Saika avy ao amin'io tanàna io ny ankamaroan'ireo olon-dratsy izay tratra nampiray tsikombakomba amin'ny tsy fandriampahalemana miseho any amin'iny kaominina manodidina iny.

***Solohery***

TRANGAM-PIRAHAMONINA

## Roalahy matin'ny fitsaram-bahoaka

Na somary nangigina aza dia misoko mangina hatrany ny fitsaram-bahoaka ao Vakinankaratra ao. Avy hatrany dia ataon'ny olona fitsaram-bahoaka mantsy izay dahalo na jiolahy tratran'izy ireo amin'ny asa ratsiny amin'iny ilany andrefan'i Vakinankaratra iny. Azo lazaina fa leo ary mitroatra ireo mponina tao anatin'ny fokontany Antsomangana, kaominina Ambohimasina Betafo, rehefa leon'ny tsindrihazolena sy ny fandrahonana nahazo azy ireo nataon'ny dahalo roalahy tsy fanta-piaviana tonga tao an-tanàna matetika. Raha ny fanazavana nomen'Andriamatoa Randriamahenina Gilbert, ben'ny tanànan' ny kaominina Ambohimasina, dia tonga matetika tao amin'io tanàna io ireto jiolahy roalahy ireto ka teren'izy ireo hanaraka izay tiany hatao ireo mponina tao an-tanàna, toy ny fandrahoana sakafo sy ny fakan'izy ireo vola amin'ny mponina ao an-tanàna. Mandrahoa-na avy hatrany kosa izy ireo raha vao misy mitady handà izany ireo mponina tao. Voalaza fa nandritra ny volana maromaro no efa nivezivezen'izy ireo tao Antomangana tao saingy mbola noleferin'ny mponina ihany. Tsy vitan' izany anefa, fa dia marobe ihany koa ireo tovovavy sy vehivavy naolan' izy roalahy ireto tamin'ny filàn-dratsy sy naolan'izy ireo, indrindra ireo vehivavy manao asa sy raharaha any an-tsaha any. Nihafy nohon'ny tahotra ihany ireo mponina aloha, saingy rehefa tonga farany tao, herinandro mahery teo izay ireo roalahy ireo, ary niteny tamin'ny tokantrano iray tao an-tanàna, fa mila mame vola 2 400 000 Ariary tamin'io fianakaviana io, ary omena azy ireo ihany koa ny omby sy ny kisoa nompian'izy ireo, raha tsy izany dia hisy fanafihana hitranga ao an-tanàna, ary ho vonoina avokoaizy mianakavy kely tao. Nanome fotoana andro zoma ireo jiolahy ireo.Tsy nahatanty intsony ka dia nampandre ny fokontany sy ny ben'ny tanàna io fianakaviana io. Nampandre ny fokonolona rehetra ihany koa, ary efa niandry fotsiny ireo fokonolona tao an-tanàna sy ny manodidina. Tsy ton-ga io andro zoma io anefa izy roalahy fa sabotsy ampitson'io vao tonga. Nandà ny hanome ilay vola sy ny fananany ilay fianakaviana, ary avy hatrany dia tezitra izy roalahy ary namoaka famaky nandrahona ireo tompon-trano. Niantso vonjy avy hatrany izy ireo ary poa toy izay dia voahodidin'ny fokonolona ilay trano. Tsy afaka nitsoaka intsony izy roalahy ary dia raikitra ny daroka sy ny vono tsy nisy indrafo. Potiky ny daroka ny tenan'izy roalahy sy ny lohany ary mazava loatra fa dia maty teo no ho eo ihany. Rehefa tonga haka ny razana ny havan'ny iray tamin'izy roalahy, vao fantatra fa olo- na avy ao Ambatomainty kaomiinna Inanatonana, kaominina mifanila amin' Ambohimasina eo ihany ny iray tamin'ireo jiolahy ireo, ary tsy nisy naka kosa, ka nalevin'ny fokonolona ilay tovolahy iray hafa. Izay no midika fa manomboka mihiratra ny mason'ny tantsaha ka iharan'ny herisetra tanteraka izay mitady hanambaka azy.

***Lezama***

Lonilonim-pianakaviana

## Mpirahalahy nifanindrona antsy

Vokatry ny lonilonim-pianakaviana dia saika nifamono tamin'ny tsindron'antsy ny mpirahalahy ary mbola miady mafy amin'ny fahafatesana vokatry ny tsindron'antsy miisa 11 nataon'ny rahalahiny, izay nahazo ny faritra maro amin' ny vatany ity lehilahy iray manodidina ny 40 taona ity. Raha ny fanazavan'ny fianakavian'izy ireo dia efa matetika mifandona noho ny resaka ady fitia eo amin'ny ray amandreniny izy roalahy ireto na dia efa samy olon-dehibe aza. Samy efa nandeha nipetraka tany amin'ny faritra izy roalahy saingy rehefa nisotro ronono ny rainy dia niverina nipetraka tao ilay zandriny. Nisaram-panambadiana ilay zokiny izay manana olana ara-pahitana ka dia io zandriny io ihany no naka sy nitondra azy hiverina ao amin'izy ireo. Tsy naharitra ela akory anefa fa fotoana vitsy taorian'ny niverenana niara-nonina dia niseho matetika indray ny ady sy fifandirana teo amin'izy roa lahy, ka zary tsy nahataitra ireo mpiara-monina intsony. Niseho indray ny herinandro teo ny disadisa ka na dia nandre azy roa lahy nifamaly aza ny rainy izay namahana sakafo ny renin'izy ireo tsy salama ao antrano dia tsy dia rototra loatra raha tsy efa nahare ny antso vonjin'ilay zokiny avy any antokontany. Mbola tsy tafavoaka akory anefa izy dia efa tafiditra avy eo am-bavahady ny fianakaviana monina manodidina eo izay nahita ilay zanany efa nitsirara sy nihosondrà ka namonjy haingana ilay naratra. Nentina tsaboina ao amin'ny hôpitaly Atsimo ilay naratra mafy raha naterina any am-pelatanan'ny polisy kosa ilay zandry olona nahavita nanindrona antsy ity rahalahiny osa ara-pahitana na jamba ity.

***Solohery***

Antanetibe Mahazaza

## Potiky ny bibikely sahady ny fambolena katsaka

Raha toa ka efa mandehna ny fambolena katsaka any amin' ny kaomi- nina Antanetibe Mahazaza distrikan' Ambohidratrimo, dia sahirana ny mpamboly satria potiky ny bibikely ny fambolena any amin'iny faritra iny ankehitriny. Vao mitsiry mantsy izany katsaka izany dia tratry ny aretina antsoina hoy « Chenille légionaire » ary tsy ma-intsy maty izy io raha tsy fafazana fanafody haingana. Androany dia nifamory tao amin'ny reni- vohitry ny kaominina Antanetibe Mahazaza ireo tantsaha mpamboly any amin'iny faritra iny nijery izay fomba atao hamongorana haingana ity aretina ity. Nomen'ny tekni- sianina toromarika ary ireo tantsaha mpamboly fa tsy maintsy tifirina fanafody haingana ny katsaka ary amin'ny alina no hanaovana izany. Ra-ha tsy voafehy ao anatin'ny fotoana fohy man- tsy izany voly izany dia ho ringana tanteraka ny voly katsaka amin'ity taona ity. Ny katsata nefa no foto-piveloman'ny mponina mpiompy ako-ho manatody lava satria ny 70% n'ny tantsaha any amin'iny faritra iny dia mpiompy akoho manatody lava avokoa. Samy resy lahatra ireo vondrona tantsaha mpa-mboly any amin'iny kaominina Antanetibe Maha- zaza iny fa tsy maintsy atao izay fitifirana katsaka izay raha te-ho tafita ny fambolena amin' ity taona ity.

***Rajo***

**SARIITATRA : Tambatambazako vary sy menaka nareo dia totofako ny tanimbarinareo**




Vehivavy bevohoka iray taona

## Nivoaka lomotra ny fivaviany

Tao anatin'ny iray taona dia nilaza ity tovovavy ity fa bevohoka satria manam-bady tokoa aloha izy ary vita mariazy ihany koa. Efa nanan-janaka lahy iray izy ireo teo aloha ary izy bevohoka io no zanany faharoa. Isaky ny hariva mena-masoandro nefa dia milaza fa marary kibo foana ramatoa ary milaza ihany koa fa manonofy ratsy foana amin'ny alina. Tsy vitan'izany fa tafatsangana tampoka izany izy ary tsy tompon'ny tenany fotsiny izao. Rehefa avy eo nefa dia tonga saina ihany ary mahita tory indray. Efa nitety mpitsabo samihafa ity vehivavy ity fa tsy nahita vokatra fa ny teo ihany no teo satria nilaza fa tsy misy mahita zavatra hafa ireo mpitsabo ireo fa bevohoka izy. Ilay mpitsabo iray izay aza moa dia nilaza fa tsy misy atahorana izany fa mila miandry fotsiny. Feno sivy volana nefa ny kibon'ilay ramatoa fa tsy mbola teraka. Feno folo volana ary iray taona no niafarany fa tsy teraka foana. Teo vao nikoropaka amin'izay izy roa ka tsy maintsy nitady an'i Jessica **03387 395 41** mpitsabo eny Mandrosoa Ivato ary teo vao nivaly ny olana. Tratry ny lafika ianao hoy ity mpitsabo ity ka tsy maintsy karakaraina satria mosavy io mahazo anao io. Nampisotroin'ilay mpitsabo rano ilay ramatoa ary notroriny tamin'ny menaka manokana ihany koa. Teo noho eo ihany dia nandoa zavatra hafahafa izany ilay ramatoa ary lomotra maitso no navoakany. Nalemy tanteraka ilay ramatoa nalefa nody avy eo. Vao tonga tany an-trano nefa izy dia nalefaka ny kibony ary nanomboka nahazo aina izy. Niha-nitombo ny fahasalamany ary teo vao niaiky izy fa nisy namosavy tokoa. Herinandro taorian'izay dia niverina teny amin'ity mpitsabo ity izy ary sitrana tanteraka satria nahazo fiarovana sy fanasitranana teny aminy. Tohizo aloha ny fisotroana ity rano ity hoy ilay mpitsabo fa afaka fotoana fohy ianao dia hitoe-jaza tena izy fa manàna finoana fotsiny.

***Rajo***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao. •

Tapakevitra ry Dadatoanay mianakavy fa tsy hifidy ny Num 13 intsony @ 2eme Tour Rehefa Noreseko Lahatra. Toy Izao Ny Resakay : Za : Fa Inona No Antony Hifidiananao Num 13 Ry Dadatoa? De Hoy Izy: Nanome Tee Shirt Anay , Za : Akanjo Ve Hoy Aho Dia Maharesy Lahatra Anao Fa Tsy Ny Vinany ? Tsy Mahalala Zay Vinany Any Aho Hoy Izy Fa Izy Aloa No Nanome Akanjo Ahy Dia Fidiko. Tsy Fantatr'ilay Dadatoanay Akory Zay Momba an-dRajoelina Any Na Hamono Azy Aza Fa Lay Akanjo Zany No Nifidianany Azy. Dia Niezaka Aho Nanazava Ny Zava Misy Marina Sy Ny Map2 An'i Dada Dia Tena Nohazavaiko t@ Antsipirihany Ary Hoy Izy hoe: Hay Ireto Akanjokely Ireto Hay Zany No Saika Nandafosako Ny Tanindrazako , tsy Mila An'ireto intsony Aho Hoy Izy Ary Hanentana Ny Olona Hifidy An-dRavalomanana Aho Hoy izy Fa Betsaka No Tsy Niasa Saina Toa Ahy , Raha Samy Manao An'izany Aby Isika Dia Ho Avotra i Madagasikara @ Alalan'ny Numéro 25.

***Onjatina Harilalao***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Rindra A**

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**24/11/18 hatramin'ny 01/12/18**

- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86/033 86 194 15

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 844-11-18
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FONDATION TELMA SY NY VONDRONA AXIAN

## Nanolotra fanomezana ho an'ireo may trano tetsy Anosibe

Manoloana ny voina tampoka nahazo ireo tokantrano may trano teny Anosibe miisa 200 dia tsy nijery fotsiny ny fondation Telma sy ny vondrona AXIAN, fa nitondra fanampiana ho an'ireo mpiray tanindrazana. Tao anatin'izany no nanolaran'izy ireo menaka, vary, voamaina siramamy ireto farany, ho fanampiana azy ireo amin'ny fiatrehany ny fiainany andavanandro, ankoatra ny fihainoana ny hetahetan' izy ireo. Nambaran'ny talen'ny serasera eo anivon'ny fondation Telma, Kassy Nirina Dor, fa tafiditra amin'ny hetsika fanampiana ny maha olona no natao izay niarahany niasa tamin'ny Humanitarian Plateforme Madagascar. Sarotra hoy izy ny tsy hifanampy amin'ny voina mahazo ny mpiray tanindrazana, koa dia mahereza daholo fa raha misy ny fanampiana mbola ilaina dia vonona hatrany izahay hanampy hoy izy. Nisaotra ny fikambanan'ireo orin' asa tsy miankina sy ny Fondation Telma ny filoha lefitra ao amin'ny fokontany Anosibe tamin' ny fanampiana nataony tamin'ireo traboina. Manentana ireo mponina ihany koa izy mba ho mailo amin'ny trano hazo, tokony ho trano biriky no hatsangana rehefa manorina mba hialàna amin' ny loza tahaka izao.

***Helisoa***

Ambatondrazaka

## Sahiran-tsaina ny tantsaha noho ny tsy filatsahan'ny orana


Hatreto, mbola hafanana be hatrany no mianjady aty Ambatondrazaka sy ny manodidina. Sahiran-tsaina fatratra araka izany ny tantsaha mpamboly vary noho io tsy filatsahan'ny orana io. Saika mitaky rotsak'orana avokoa ny ankamaroan'ny tanimbary raha ny tapany avaratra Ambatondrazaka iny. Efa leom-boananana tamin'ny hain-tany niseho roa taona lasa izay ny mpamboly vary taty Alaotra, ka tsy te hierika zava-boribory intsony. Ireo izay nanao vary aloha no mahazo aina noho io tsy filatsahan'ny orana io, ankoatra ny mpanao biriky hoy ireo tantsaha mpamboly vary. Efa vanim-potoana fanaovana ny raraketsa anefa ny amin'izao fotoana izao hoy izy ireo. Isan'ny mampanahy ny tantsaha ny mety hahalany ampitoerana ny vola ho entina miasa raha toa ka mitohy ny fihantonan'ny orana. Azo lazaina fa isan'ny fositra mahatonga ny fihantonan'ny orana: ny fiovaovan'ny toetry ny andro noho ny fahasimban'ny tontolo iainana, indrindra fa ny fisian'ny doro tanety sy ny doro zetra izay mahazo laka hatrany noho ny hafitsoky ny mpiandry omby. Manao izay ho afany ny avy ao anivon'ny foibem-paritry ny tontolo iainana sy ny hay voahary ary ny ala aty Alaotra Mangoro amin'ny fanentanana sy ny fanenjehana ireo mpandika lalàna amin'io doro zetra sy tanety io, saingy tsy kely lalana ny ratsy noho ny fidadasiky ny faritra aty Alaotra.

***Raoul***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 261**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0260)

***Mitsivalana***
- Matetika
- Mively (Miv)
- Ankazobe
- Naoty – No
(Miv)
- Do – Ti
- Miray
- Isa – Atao

***Mitsangana***
- Miandry
- Nao
- Tiko - Ma
- Tale (Miv)
- Tezitra
- Ivo – Tay (Miv)
- Kibo – Ia
- Amena

Fifamoivoizana Ambatondrazaka


## Miteraka olana ny tsy fahafehezan' ny mpamily sasany ny lalana

Velon-taraina amin'ny hafitsok'ireo mpamily izay tsy mahafehy na minia tsy te-hahalala ny lalàna mifehy ny fifamoivoizana ny mponina, indrindra fa ireo mpandeha an-tongotra aty Ambatondrazaka. Efa misy ny mari-pamantarana eny amin'ny lalana napetraky ny kaominina Ambatondrazaka renivohitra saingy vitsy ihany ireo izay manaja izany. Ny fiampitana eny amin'ny lalana no tena hita ho mampanahirana ny mpandeha an-tongotra indrindra manoloana ny fidiran'ny mpianatra. Isan'ny iharan'io olana io ny olona mampiasa matetika ny lalam-pirenena faha-44 (RN44), mamakivaky ny tanànan' Ambatondrazaka ao Antsimondrova, izay misy ny toerana fandraisam-bolan'ny beantitra sady hivezivezen'ny mpianatra maro noho ny fisian'ny sekoly izay tsy lavitra eo. Efa nisy mihitsy ny olona voadonan'ny taksy moto teo amin'io toerana io raha iny niampita nandeha handray vola fisotroan-dronono iny. Ankoatra izay, tsy laitra ny firimorimon'ireo fiarakodia sy moto ary itony milina fampiasa eny an-tanimbary itony, izay misy mampiasa amin'ny fitaterana entana. Betsaka araka izany ny mponina no manao antso avo amin'ny tompon'andraikitra mba hijery manokana io raharaha io mba hisorohana ny loza mety hiseho indrindra amin'izao vanim-potoana hidiran'ny mpianatra izao.

***Raoul***

**Fanehoan-kevitra sms : 034 09 187 88 ; 032 11 505 44 ; 033 24 783 65**

### TENY MIFANARAKA N° 261



**Mitsivalana**

**1.** Namafy vokatra – Mikoriana ao anaty **2.** Androany – Maneno sy teny mivoaka ao am-bava **3.** Notanterahinay **4.** Marina (Miv) – Faranteny (Miv) **5.** Fitaovana fitaterandrano (Miv) – Kalon'ny mpianatra **6.** Isa Romana – Tao **7.** Mampiray – Ampela **8.** Matihanina amin'ny asa-soratra (Miv) **9.** Aina sy tanjaka – Tampisaka (Miv) **10.** Reraka – Akatona

**Mitsangana**

**A.** Tsiranoka – Vaovao tsy marina **B.** Tsirin-teny Iharana – Azo amin'ny gripa (Miv) **D.** Mahandro hena madinika – Mamarana ny sehatra **E.** Vata – Diky **F.** Naoty **G.** Mando – Fafao (Miv) **H.** Foto-tenin'ny fiarovana – Ahy sy azy **I.** Fankasitrahana **J.** Heno – Saka (Miv) **K.** Teny miangavy, mandrara – Moramanga sy Alaotra mitambatra

### Valiny Teny mifanaraka 0260

***Mitsivalana***

1 Hopitaly 2. Aro – Misolo (Miv) 3. Vetivety 4. Ety – Manofa (Miv) 5. Sakana 6. Akanjony 7. Ta – Vilia (Miv) 8. Roa – Roa (Miv) – Ao 9. Lay – Hir(a) 10. Mangirana

***Mitsangana***

A. Havesatra B. Atero (Miv) – (H)ao D. Potika – AA E. Ako – An F. Tovana – Gia (Miv) G. Alefanao H. Loto – Jir/o I. Nisy (Miv) – Lo (Miv) – Ha J. Niainga (Miv) K. Mamo (Miv) – Arovy (Miv)


COMMUNE
URBAINE
D'ANTANANARIVO
AOKA SAMY HANARY
FAKO AO ANATIN'NY
BAKA ISIKA
Izay tratra mandoto eny
ivelany dia hosaziana!
Azonao atao ny mifandray aminay amin'ny:
www.facebook.com/FahadiovanAntananarivo